WIKIPEDIA

Fiteny ladino

Ny **fiteny ladino** na **fiteny jodeo-espaniola** dia fiteny avy amin'ny fifangaroan'ny fiteny kastilàna tranainy (ny fiteny espaniola) sy ny fiteny hebreo. Maro ny Jiosy sefarada taranak'ireo Jiosy voaroaka avy any Espaina tamin'ny taona 1492 izay miteny ladino ao amin'ny faritra midadasika amin'ny tany lemaka manodididina ny Ranomasina Mediteranea. Ny fiteny jodeo-espaniola dia tsy tokony hafangaro amin'ny fiteny jodeo-katalàna mifanakaiky aminy, ary ny hoe fiteny ladino dia tsy tokony hafangaro amin'ny fiteny ladîna, izay fiteny reto-romana tenenin'ny olona ao amin'ny Dolomita italiana.

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Fiteny_ladino&oldid=973637"

Voaova farany tamin'ny 28 Aogositra 2019 amin'ny 19:02 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.